## Ny Valosoa sy hadihady

### Fahefana mpanatanteraka mibaiko ny fahefana rehetra

# Mitorona fa tsy mandroso amin'ny lalana tokony hizorany ny firenena

Tsy takona hafenina intsony fa ny fahefana mpanatanteraka no mibaiko ny fahefana rehetra eto amin'ny Firenena, ka tsy mahagaga raha mitorona fa tsy mandroso any amin'ny làlana tokony hizorany ny fianam-pirenena eo amin'ny sehatra rehetra. Entina manamarina izany ireto tranga manahirana ny sain'ny mpisehatra rehetra eo amin'ny fiainana ara-politika sy ara-pitantanana ary ara-toekarena. Tsy mbola nisy maneran-tany sy teto amin'ny Firenena, ka ny filohan'ny mpanatanteraka, no mampiantso ny fahefana mpanao lalàna, na ny parlemantera ho eny amin'ny Lapan'ny fiadidiana ny Repoblika, na ho eny amin'ny Lapan'ny Praiminisitra. Iaraha-mahatadidy ny nampiantsoan'ny Praiminisitra ny parlemantera maro an'isa eny amin'ny Antenimieram-pirenena momba ny fandaniana ny lalàn'ny tetibola nasiam-panovàna ho amin'ity taona 2022 ity. Niaraha-nahita maika ny mandoka sy misaotra ny filohan'ny Repoblika na ny minisitra, ny depiote, rehefa mitokana fotodrafitrasa « manarapenitra », kanefa ny andraikitry ny depiote dia ny manakiana sy mijery izay tsy manaraka ny fepetra ara-teknika (normes techniques) teo amin'ny fandrafetana izany. Eo amin'ny sehatry ny fahefana mpitsara dia mazava fa misy dian-tànan'ny filohan'ny Repoblika avokoa ny famoahana didy eny anivon'ny fitsarana. Tsapa fa rehefa olompirenena tsy manohana na heverin'ny mpitondra fa mpifaninana na fahavalo ara-politikany no nanao hetsika na nampaneno lakolosy momba ny tranganjavatra tsy mifanaraka amin'ny lalàna dia samborina sy ampidirina am-ponja. Tsy zoviana ireo mpanao politika sy mpanao gazety izay any am-ponja ary vao omaly ny omaly no nivoaka ny didim-pitsarana manameloka an'i Rajaonah Mbola, higadra mandritra ny dimy taona sy handoa lamandy 57 miliara ariary. Ny manahirana dia ireo voampanga rehetra niaraka tamin'iy mpanao politika ity dia nahazo fahafahana vonjimaika avokoa. Tsara ampahatsiahivina ihany koa ny raharaha Rolly Mercia sy Berija, izay rehefa dinihana lalina dia hetsika tsy manozongozona ny fitondrana velively. Amin'ny ankapobeny dia tsy manana fahaleovantena mihitsy ny fahefana mpitsara. Mifanindry an-dàlana amin'izany ny momba ireo « mpitandro ny filaminana » izay mpiaro ny olompirenena sy ny fananany no andraikiny kanefa dia ny mifanohitra amin'izany no hita satria rehefa misy hetsika ataon'ny mpianatra na ny mpandraharaha eny amin'ny sehatra samihafa na ny mpiasa mitaky ny zony dia mivadika ho herim-pamoretana ny vahoaka ireo heverina fa tokony hiaro azy. Tsy azo adinoina ny raharaha « bonbons sucettes » sy « écrans plats » izay heloka bevava satria fanodinkodinam-bola nentina niady tamin'ny valanaretina covid-19. Tsy nisy fepetra noraisin'ny mpitandro ny filaminana ka nanaovana famotopotorana ireo voakasik'izany sy ny fahefana mpitsara. Mazava ho azy fa mpikambana tao amin'ny fahefana mpanatanteraka ireo manampahefana ireo ka tsy azo nokitikitihana satria ny filohan'ny Repoblika no mitondra ny familiana eo amin'ireo rafitra roa ireo. Tsy nisy ary tsy mbola misy ny hetsika nataon'ny mpitandro ny filaminana sy ny fitsarana momba ny fisamboram-bola nataon'ny ben'ny tanàn'Antananarivo tao amin'ny CNaps kanefa dia fanodinkodinam-bolambahoaka izany. Nisy ireo hetsika saika nataon'ny solombavambahoaka TIM sy ny mpanohitra amin'ny ankapobeny tany Soavinandriana ny herinandro lasa teo kanefa dia ny olom-boatendry no manampatra fahefana manakana izany. Iaraha- mahatadidy anefa fa fony mbola mpanohitra ny fitondrana, taona efatra lasa, ireo manampahefana ankehitriny dia nivazavaza fa zo fototry ny olompirenena ny maneho hevitra ankalamanjana sy midina an-dàlambe misy fitakiana ataony. Tonga eo amin'ny fitondrana ireto mpanohitra tamin'izany fotoana izany ankehitriny, ka manakana ny olompirenena tsy haneho hevitra indray. Maneho fahalemeny sy mampiseho ny fanaovana dia miverina toy ny fanaony ny mpitondra ankehitriny ireo toejavatra rehetra ireo. Raha ny Lalàmpanorenana dia misaraka tanteraka ny fahefana rehetra ary samy manana ny andraikitra manandrify azy ny fahefana tsirairay, ka ny mpanatanteraka na ny olomboatendry izay rantsamangaikan'ny mpanatanteraka dia tsy afaka mibaiko velively ny mpanao lalàna. Fahefana fahaefatra ny mpanao gazety kanefa dia ny eto amin'ity Firenena ity dia maro ny mpanao gazety izay mandray baiko sy mamerina izay lazain'ny lehibeny fotsiny ihany, ka mendrika ho azy ireny ilay famaritana « la voix de son maître ». Tsy mitsaha-mitorona sady jamba sy marenina izao fitondrana izao, hany ka tsy afaka mandroso ny Firenena, hatramin'ny mpiaramiombon'antoka avy no manitsy ny diany.

*Andry Tsiavalona*

Vehivavy TIM-Frantsa

# Mandray anjara mivantana mampandroso ny firenena



*Anisan'ny mpitarika ireo Vehivavy TIM Frantsa.*

Mandray anjara mivantana, mampandroso ny firenena aty Madagasikara ny Vehivavy Tiako i Madagasikara any Frantsa, na Vehivavy TIM Frantsa. Handray anjara mavitrika ihany koa izy ireo hampandany ny filoha Marc Ravalomanana ho filoha indray, amin'ny fifidianana ho avy eto amintsika. Araka ny fanambarana nataon'izy ireo amin'ny fankalazana ny fetin'ny Reny rahampitso izao :"Vehivavy mahery fo, mijoro sy mahefa" no teny filamatry ny sampana vehivavy TIM-Frantsa. Miarahaba ny reny sy ny rahavavy Malagasy rehetra izahay amin'izao fetin'ny reny izao. Fanirianay ny mba ho lalim-paka ao am-pontsika vehivavy rehetra io teny filamatra io eo ampanatanterahana ny andraikitra raisintsika eo anivon'ny fianakaviana sy ny fiarahamonina ary eo amin'ny toeram-piasana misy antsika amin'ny sehatra rehetra".

*Nangonin'Isambilo*

SECES ANTANANARIVO

# Tsy mijanona ny fitokonana raha tsy mivaly ny fitakiana



*Ny sasany avy amin'ireo ao amin'ny Seces Antananarivo.*

Nanamafy ny fitokonana ny Seces sampana Antananarivo, mandram-pisian'ny valiny avy amin'ny fitondram-panjakana, izany hoe ny faneken'ireto farany an'ilay tolo-dalàna manome vahana ny fizakantenan'ireo Oniversitem-panjakana sy ny toerampam-pianarana ambony ary ny foibem-pikarohana nasionaly. Nilaza Andriamatoa Ravelonirina Sammy Gregoire, filohan'ny Seces Antananarivo, fa mitaky ny fanajana ny zo sy ny hasin'ny mpampianatra mpikaroka sy ny Mpikaroka mpampianatra amin'ny alalan'ny fanaovana sonia an'ilay "Communication verbale conjointe" avy amin'ny Minisitry ny vola sy ny toekarena ny Seces. Ankoatra izany, takinan'ny Seces Antananarivo ny fisitrahan'ireto farany an'ilay "Poste Budgétaire" ho an'ny mpampianatra mpikaroka miisa 571, izay efa notapahan'ny fitondram-panjakana ary tokony ho ireo mpampianatra nahafeno fepetra ara-dalàna sy nanatanteraka ny asa fampianarana nandritra ny taona maro, no tokony hisitraka an'izany toerana izany. Nanohy fanazavana ny filohan'ny Seces Antananarivo, fa tokony hanana anjara amin'ny fitsinjarana ny "Poste Budgétaire" ihany koa ireo Mpandraharaha eny anivon'ny Anjerimanontolo sy ny Ministera mpiahy. Tsiahivina fa tsy nahafapo ny Seces Antananarivo ny fihaonana tamin'ny Ministera mpiahy sy ny filohan'ny Hcc ary ny filohan'ny Hcdded, mikasika ny famahana ny olan'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra, hany ka nanamafy ny hetsika fitokonana ireto farany. Marihina fa hiverina hivory ny Seces Antananarivo ny alatsinainy ho avy izao hanao jery todika ny fivoaran'ny fitakiana ataon'izy ireo ary handray fepetra amin'ny fanohizana na fampiatoana ny fitakiana ataony, miankina amin'ny valin-tenin'ny fitondram-panjakana.

*Franck Razakambelo*

## TONONKALO

### Ny olan`ny Anjerimanontolo

Tena tsisy tokontaniny ny tontolom-pampianarana.
Hetsika sy fitokonana, mbola nofy izay hifarana.
Saingy hatreto ny mpitondra, tsy mahita vahaolana,
Fa ny ataony, izao hatrany : ny mampanantena volana !

Miova sy mivoatra hatrany ny endriky ny fitokonana.
Ny hany asetry izany anefa : tsisy afa-tsy fandrahonana,
Miampy lainga, fitapitaka, vonoafo, tampi-maso.
Vahaolana tsy misy fa mitohy ny andrasoandraso !

Arirarira hatrany hatrany iretsy mpianatra mitokona,
Aparitaka amin`ny baomban-dry "bebaoty" sy ry "bokona".
Izay mikiry ny hijoro dia matetika samborina.
(Tsisy fahalalahana eto raha fehezina sy tsorina !)

Tara lava ny karama ho an`ireo mpandraharaha.
Miverimberina hatrany, saingy hatreto tsy voavaha.
Raha mba ny anareo mpitondra ve no tapaka na tara,
Ahoana re hoy ry bemolotra ? angamba hisy ny bagara !

Ireo mpampianatra mpikaroka, efa tofoka sy boboka.
Raha ny hetsi-pitakiany, hatreto aloha dia toa mijoboka,
Fa ny fitsarana avo toa mangina tsy miteny.
(Tampina inona mihitsy re ny mason`izy ireny ?)

…Tena tsisy tokontaniny raha ny Anjerimanontolo.
Ny mpitondra ve no jamba na koa pahina daholo ?
Tsy nandia izay hoe tokonana eny Ankatso ry boaikely,
Ka izay olana ao, tsy fantany sy tsy hainy velively !

*IRINA HO TAFITA (26-05-22)*


PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Iaviantsoa R.**